TIM Boriboritany faha-3

Mifidy ireo ho ao amin'ny biraon'ny Foko-TIM

Mifidy ireo ho ao amin'ny biraon'ny Foko-TIM ao amin'ny Boriboritany faha-3 eto Antananarivo Renivohitra amin'izao fotoana, ireo mpikatroka avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ity Boriboritany ity. Nanomboka omaly izany fifidianana izany, hitohy anio ary hifarana rahampitso etsy Bel'Air Ampandrana. Fidiana mandritra izany, ireo ho mpikambana ao amin'ny biraon'ny Foko-TIM amin'ireo fokontany miisa 34 ao amin'ity boriboritany ity, mpikarakara ny fifidianana ireo mpiara-miasa amin'ny depiote Feno Ralambomanana, depiote avy amin'ny antoko TIM ao amin'ity Boriboritany faha-3 ity. Ao anatin'ny fameloma-maso ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ny fanaovana izao fifidianana izao ary fanamafisana ny fototry ny antoko ihany koa.

Fifidianana natao tetsy Bel'Air Ampandrana.

Isambilo

Ady amin'ny kolikoly

Mitanila ny Bianco sy ny PAC, toa manaraka ny Fitsarana koa

Anisan'ny iray lehibe mampimenomenona ny olom-pirenena sy indrindra ny antoko mpanohitra ny fahitana ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fisahanana ny raharaha apetraka eny anivon'ny birao mahaleotena misahana ny kolikoly na ny Bianco, sy ny eny amin'ny fitsarana sy tendro miady amin' ny kolikoly na ny PAC. Ny tsikaritra na ny tsapan'ny maro mantsy nandritr'izao fitondrana Rajoelina izao tato anatin'ny efa-taona latsaka izao, dia misy raharaha fitoriana toa vetivety dia kirakiraina sy hadihadiana, ary misy andrasan'ny maro fatratra mihitsy tsy ahenoina tohiny efa fotoana ela. Midika fa misy fitanilana ao amin'ny Bianco sy ny PAC. Anisan'izany, ohatra, ny raharaha napetrak'ilay mpiasa tao amin'ny minisiteran'ny fahasalamana, izay notoriany izy amin'ny vaky bantsilana nataony tao amin'ny minisitera. Niaka-nidina na teny amin' ireo sampan-draharaha ireo na teny amin'ny Fitsarana ny tenany tamin' izany. Nisy koa anefa, miara-dalana amin'izany, fitoriana nataony teny amin'ireo miady amin'ny kolikoly ireo, kanefa tsy nahenoina valiny sy tohiny mandraka ankehitriny. Tsy io raharaha io ihany no nitrangan'izany toe-javatra izany fa efa maromaro izany raha ho an'ny mpanara-baovao sy ny mpandinika ny raharaham-pirenena. Vao mainka niharihary izany tamin'ny fampiantsoana ny mpitarika ny antoko HVM farany teo.

Ny Bianco eny Ambohibao.

Hatreto, tsy nahenoina fanazavana ny anton'izany na ny Bianco na ny PAC. Mijanona amin'izay eritreritry ny olom-pirenena eo izany ny raharaha. Ny ahiana anefa, dia hanaradia ny lalan'ny Fitsarana ihany koa izy ireo, ka ho very hasina ary hohalavirin'ny olom-pirenena satria tsy azo inteherana firy. Efa nahabe fanantenana ihany ny nataony tamin'ny tomponandraikitry ny Cnaps izay nanao fanodikodinam-bola, ary niaranahita sy nandre ny niafaran'ny raharaha. Ny manaitra ny maro indray anefa, toa afaka miriorio any ny sasany taorian'ny fampidirana am-ponja vonjimaika azy. Tsy mazava ny maro ny fandehanan'ny raharaha satria zary misy ankifonofono, ary natao tompon-trano hatrany ny vahoaka. Ny tsapan'ny maro aza toa misy tsimatimanota, olona miara-dia amin'ny fitondrana, na dia mivoaka izao aza ny resaka fitantanana tsy mazava tamin'ny andraikitra nomena nosahaniny. Zary nangingina teny ny raharaha momba azy.

Ny hanarina ny fahaverezan-kasin'ireny sampandraharaha najoro ireny sy ny famerenana ny fitokisan'ny vahoaka aminy dia sarotra. Ny an'ny Malagasy rehefa zavatra miraikitra ao an-tsainy ao dia sarotra alàna. Izany anefa dia misy fiantraikany amin' ny fiaraha-mientana amin' ny fampandrosoam-pirenena. Koa tsy aleo ve misoroka toy izay mitsabo hampanahirana ny any aoriana.

Sôh'son

Ambano Antsirabe II

Manampy amin'ny fanorenana trano sekoly katôlika ny depiote José

Ny fanamboarana trano sekoly vaovao, an'ny fiangonana katolika any Ambano Antsirabe II.

Manampy amin'ny fanorenana trano sekoly katolika vaovao any Ambano Antsirabe II, faritra Vakinankaratra amin'izao fotoana, ny depiote José Randrianantenaina, voafidy tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Niaraka niady fototra izany trano sekoly vaovao izany ny depiote José, trano sekoly izay nahazo famatsiambola tamin'ny Communauté SVD Missionnaire du Verbe Divin, tamin'ny alalan' ny Révérend-père Sébastien, niarahana tamin'i Père Parfait Modérateur, sy ny kristianina katplika tany an-toerana. Efitrano miisa 5 manaraka ny fenitra takian 'izao vanim - potoana izao no aorina. Mi- tondra ny anjara birikiny, mitatitra ny fitaovana anaovana ny trano ny kristianina katolika any Ambano.

Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Tsy mihevitra hanitsy ny diany ny fitondrana

Nahazo vahana eo anivom-piarahamonina ny fampihorohoroana ara-tsaina amin'ny resaka fakàna ankeriny, indrindra ireo zatovovavy sy tanoravavy tato ho ato. Raha izay no fikendren'ireo olon-dratsy manao izany dia tratrany ny tanjona, satria misy fiantraikany any amin'ireo ray aman-dreny manan-janaka sy mampiana-janaka ao anatin'ireo taona lasibatra ireo izany. Samy manana ny andraisany izany ny olom-pirenena ary mitodika amin'ny fitondrana efa teo nandritry ny efa-taona latsaka izao. Tranga tsy mbola nisy hatrizay no miseho iainambahoaka. Ny vahoaka izay efa maro olana atrehina isan'andro mbola miampy toe-javatra toy izao indray. Miha-fadiranovana hatrany ny sarambabembahoaka mahita ny tsy fahita.

Raha mbola tsy miaiky ny lesoka eo aminy sy ny fahadisoany izao fitondrana izao, fa miseho ho mahavita sy hahavita hatrany ny fitantanana ny firenena, dia tsy hisy fihatsaram-piainan'ny vahoaka izany eto. Efa be izay resaka nataon'ny sokajin'olom-pirenena na vondrona sy fikambanana na antoko politika izay ny amin'ny filazana, fa tsy ny laharampahamehana amin'ny vahoaka no ataon'ny fitondrana Rajoelina hatramin'izay nitondràny, fa ny azy izay mifanaraka amin'ny kajikajy politikany ihany no tanterahiny sy ilàny doka etsy sy eroa. Ohatra amin'izany ny Colisée naorina amboletra eny amin' ny Rovan'i Manjakamiadana, ny teleferika kasaina hatao, sns... Fa ny fitondrana dia tsy mifofotra mitady vahaolana maika amin'ny tsy fandriampahalemana, ny fahantrana lalina mangeja ny fiainambahoaka andro aman'alina, ny fihariana tsy misy tokontaniny, sns... Tsikaritra ho mbola mitohy aza izany raha miainga amin'ireo nambaran-dRajoelina namaly ny fanakianan'ny mpanohitra azy sy ny fihetsik'ireo mpiara-miasa, sy ireo mpiara-dia manohana azy. Tsy miova hatrany ny fomba fiasan'ny fitondrana hatreto amin'izay fiziriziriana hihevi-tena hahavita irery izay. Ny vokatr'izay anefa, midona amin'ny firenena sy ny vahoaka, ary izay no manahirana, satria ny fahadisoana ailiny hatrany amin'ny hafa indrindra ny mpanohitra. Raha mbola izay anefa ny toe-tsaina entina mitondra ny firenena dia tsy hahitam-bokany tsara velively.

Sôh'son

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Domoina R.

Fanehoan-kevitra sms :
034 09 187 88 ; 032 11,505 44 ; 033 24 783 65

Dokam-barotra
NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO
Tel. 034 79 076 00